Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 ,rue de Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél: 01 45 96 03 05

Athis-Fanantenana

Siège Paroissial : Centre Paroissial 10, Rue Etienne Lebeau
Lieu de Culte : Église Saint-Denis ,8 Place de l'Église 91200 ATHIS-MONS
Tél : 01.69.38.53.26 & 06.52.53.22.56 & 06.76.14.71.40

« … Fa tsy nomen' Andriamanitra fanahy osa isika, fa fanahy mahery sy fitiavana ary fahononan-tena. **» (2 Timoty 1 :7)**

ALAHADY 26 MAI 2019
ALAHADY FAHA DIMY MANARAKA NY PASKA
FANOMANAM-PANAHY ANKATOKY NY FANDRAISANA
FETIN'NY RENY
Mitarika : Atoa RAMANITRA Nicolas Dina
Mitoriteny : Rtoa RAKOTOMANANA Voahangy

Zava-maneno (Miditra ireo Mpitarika, mitsangana ny olona)

Mpitarika: Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.
Fiangonana: Amen (mipetraka ny Fiangonana aorian'izany)

FIARAHABANA APOSTOLIKA
FANATONANA SY FANKALAZANA AN'ANDRIAMANITRA (mitsangana)

Fiangonana: «Hidera Anao ny firenena, Andriamanitra ô; eny, hidera Anao ny firenena rehetra.Hifaly sy hihoby ny firenen-tsamy hafa, Satria mitsara marina ny firenena Hianao; ny firenen-tsamy hafa ambonin'ny tany dia entinao;Hidera Anao ny firenena, Andriamanitra ô; eny, hidera Anao ny firenena rehetra.Ny tany efa nahavokatra; mitahy antsika Andriamanitra, dia Andriamanitsika.Mitahy antsika Andriamanitra; ary hatahotra Azy ny vazan-tany rehetra. Amena» (Salamo 67 :3-7)

Hira 8

VAVAKA FANATONANA SY FIDERANA
Feon-java maneno fohy.
VAVAKA FIFONANA SY FIAIKEN-KELOKA (mipetraka)

Mpitarika: ***Ry havana malala, aoka isika hanetry tena eo anatrehany hiaiky ny fahotantsika :***
Fiangonana: Ry Rainay be famindrampo ô, mitalaho Aminao izahay; mamelà ny helokay; diovy izahay ho afa-pahotana; sasao izahay mba ho afa-keloka ; ary havaozy ny fanahinay mba ho vonon-kanompo Anao. Ny fitiavan'i Jesoa Kristy Zanakao Mpamonjy anay no angatahanay Aminao. Amen

Hira 417 : 1 - 3

TENY FAMELAN-KELOKA SY FIHAVANANA (mitsangana)

Hira FF7

SITRAPON'ANDRIAMANITRA (mitsangana)

Fiangonana : Amen !

FANKALAZANA(Gloria)

Mpitarika: Voninahitra ho any amin'ny Avo Indrindra ho an'Andriamanitra*
Fiangonana: Ary fiadanana ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany*.

Zava-maneno- Interlude-
FOTOANAN'NY SEKOLY ALAHADY

FAMAKIANA NY SORATRA MASINA

Fiomanana amin'ny Vakiteny sy ny Toriteny

Hira 212 : 2 - 3

Mpitarika: Ho aminareo anie ny Tompo*

Fiangonana: Ary ho amin'ny fanahinao*

Mpitarika: (vavaka hampahazava ny Teny)

Fiangonana: Amen

Testamenta Taloha sy Epistily: **Asan'ny Apostoly 15 :1-29 ; Apokalypsy 21 :10-23**

Filazantsara: **Jaona 14 :23-29**

Fiangonana: Ray Masina o, manamasina anay amin'ny fahamarinana, ny Teninao no fahamarinana. Amen(hiraina)*

FANEKEM-PINOANA (mitsangana)

Mpitarika:*Miaraka amin'ny Fiangonana kristiana rehetra manerana ny tany dia manambara ny finoantsika isika hoe :* **Kristy dia maty noho ny fahotantsika. Araka ny Soratra Masina dia nalevina ary nitsangana tamin'ny andro fahatelo. Araka ny Soratra Masina, dia iray ny Fiangonana, iray ny Fanahy, dia toy ny fiantsoana antsika ho amin'ny fanantenana iray. Iray ny Tompo, iray ny Finoana, iray ny Batisa, iray Andriamanitra, sady Rain'izy rehetra izay ambonin'Izy rehetra sy manerana azy rehetra, ary ao amin'Izy rehetra. Amena !**

Hira 470 : 1 (mitsangana)

TORITENY

Feon'orgue malefaka dia malefaka sy vavaka mangina

ANTOKO MPIHIRA

FILAZAN-DRAHARAHA (Mipetraka)

FANATI-PISAORANA: 306

Fanolorana ny rakitra: (mitsangana) : Ry Tompon'ny harena ô !

VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA (Prière d'intercession)

Hira 701 : 1 - 2

TSODRANO

Mpitarika: Ho aminareo anie ny Tompo*

Fiangonana: Ary ho amin'ny fanahinao*

Mpitarika: « Andriamanitry ny fiadanana, Izay nitondra an'i Jesoa Tompontsika Mpiandry ondry lehibe, hiala amin'ny maty, mitondra ny ran'ny fanekena mandrakizay, Izy anie hahatanteraka anareo amin'ny tsara rehetra hanao ny sitrapony ka hiasa ao anatinareo izay ankasitrahana eo imasony amin'ny alalan'i Jesoa Kristy. Amen » (Heb.13 :20,21).

Fiangonana: Amen

Hira FF 26

Mpitarika: Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina Izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, amen.Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo ary torio amin'ny teny sy ny asa ny Filazantsara.

Fiangonana: Isaorana anie Andriamanitra.

FANOMANAM-PANAHY ANKATOKY NY FANDRAISANA

6; 470; 282

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.Amen